

TRISOMIE 21

Tsy aretina fa tsy fahatomombanana ara-tsiantifika

N ambaran-dRama-toa Razafinjatovo Daniela filohan'ny Down Syndrome Madagascar, na koa Fikambanana Trisomie 21 Madagascar, teny amin'ny fanamarihana ny andro iraisam-pirenen'ny "Trisomie 21" taona 2021, teny amin'ny foiben-toerany teny Manazary llaify, tamin'ny sabotsy 20 martsa 2021 lasa teo, fa tsy aretina ity Trisomie 21 ity, fa "déficience", na tsy fahatomombanana ara-tsiantifika mpahazo ny zaza. Zaza fohy fisainana, ka tsy mahataka-davitra ny zaza "trisomique", hoy izy, nefa manana talenta azy manokana avy, ka io no trandrahana sy koloina, mba hananany fahaleovanteny tanteraka eo amin'ny fiatrehany ny fiainany any aoriana. Raha andron'ny 21 martsa isan-taona no tokony hankalazana ôfisialy an'ity andro iraisam-pirenenana ho an'ny Trimie ity, araka ny namoronan'ny



Ramatoa Daniela filohan'ny Trisomie 21 Madagascar.

« Association Française pour la Recherche de la Trisomie 21 » azy tamin'ny 21 martsa 2005 ary nankatoavin'ny ONU « Firenena Mikambana » tamin'ny taona 2012 dia tamin'io sabotsy 20 martsa 2021 io kosa no nana-marihan'ity fikambanana ity an'izany, mba hahazoana manangona an'ireo ankizy "trisomiques" mpikambana ao aminy, izay miparitaka any amin'ny "centres" samihafa mika-

rakara an'ireo ankizy ireo amin'ny ankapobeny. Ankizy "trisomiques" niisa 35 nentin'ireo ray amandre-niny avy no tonga nanan-trika an'izany fanamarihana izany tamin'io sabotsy io, ka nanatant-raka hetsika samihafa : Coloriage, dihy, Zumba, fijerena video mikasika ny Trisomie fohy ary fiarahan-drindray tsindry sakafo maivana efa nomanin'ny fikambanana Trisomie 21 Madagascar niaraka tamin'ireo tsara sitrapo maromaro niaraka taminy sy nysolontenan'ny CEM "Caisse d'Epargne de Madagascar" mpiaramiombon'antoka amin'izy ireo. Ny solontenan'ny Fitaleavana eo anivon'ny ministeran'ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsôsialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy, notronin'ny filohan'ny fokontanin'i Manazary llaify no nanokatra ôfisialy an'ity fanamarihana ity. Marihana fa mahatratra 20 ankehitriny ny zaza "trisomiques" mi-

kambana ao amin'ity fikambanana Trisomie 21 Madagasikara ity, izay mpikambana feno eo anivon'ny Down Syndrome International. Indray mandeha isam-bolana izy ireo no mihaona eny Manazary llaify amin'ny fandoavana latsakemboka 5000 ar isam-bolana ary isantelo volana kosa dia misy hatrany ny fivoahana, na "sortie" ivelan'ny foiben-toerana misy azy ireo. Mbola eto Antananarivo ihany ankehitriny no ahitana an'ity fikambanana Trisomie 21 Madagascar ity, araka ny filazan-dRamatoa Daniela azy, fa homezahana tsy ho ela ny hananganana "antennes" isam-paritra hahazoana mikarakara an'ireo zaza trisomiques ireo, mba hialana amin'ny fieritreretana diso, fa avy amin'ny fanontana fady no mahatonga an'ity tsy fahatomombanana ara-batan'ny ankizy ity.

Rainilita

Tarehi-marika farany covid-19
4 no lavo, 132 ny tranga vaovao

Tarehi-marika farany amin'ny valanaretina coronavirus eto amintsika ny andron'ny 21 martsa. Olona 4 no lavo, 132 ny tranga vaovao. Arak'izany, niampy 4 ny olona namoy ny ainy noho ny valan'aretina Covid-19 teto Madagasikara tamin'ny 21 martsa 2021 : 1 Alamanga , 3 Boeny. Tafakatra 355 araka izany ny fitambaran'ny olona matin'ny valan'aretina hatramin'izay nidirany teto amintsika herintaona lasa izay. 132 ny tranga vaovao hita tamin'ireo 853 nanaovana fitiliana teto Madagasikara ny 21 martsa 2021: 74 Analamanga, 11 Diana 4 Alaotra Mangoro, 20 Boeny , 2 Sava, 2 Atsimo Andrefana, 1 Vatovavy Fitovinany, 11 Analanjirofo, 3 Anôsy, 3 Melaky, 1 Sofia. 66 ireo sitrana : 38 Analamanga, 1 Atsinanana, 7 Diana, 11 Boeny, 6 Sava, 2 Atsimo Andrefana, 1 Ihorombe. 1199 kosa ireo mbola manaraka fitsaboana eto amintsika, ny 144 amin'ireo dia marary mafy, na "forme grave".


Niaina



Village Voara Andohatopenaka
Tsy milamina mihitsy ny fandraisana marary

Tsy milamina mihitsy ny fandraisana marary eny amin'ny Village Voara Andohatopenaka amin'izao fotoana mahakasika ny valanaretina covid19. Olona hita fa misy soritr'aretin'ny coronavirus, ora maromaro izy ireo tsy voaray teny an-toerana, filaharambe ihany koa no nisy raha ny omaly, ka vao mainka mety hifamindra aretina ireo olona marobe te hamonjy ny tenany. Ankoatra izany, mametra-panontaniana ireo tonga eny: inona moa no azon'ny dokotera sy ny mpitsabo ao anatin'ny atao raha ny fitaovana tokony hampiasain'izy ireo aza tsy ampy sy ferana? Olona iray tsy mitonona anarana teny an-toerana omaly no nijoro vavolombelona." Izaho io izany tsy fantatra na voan'ny Corona indray, fa dia miverina ilay signe nahazo any taloha: mikohaka sy marary tratra sy marariray an-doha hafahafa dia nandeha OSTIE dia nalefan'ny OSTIE aty amin'ny Village Voara manao test, na fitiliana. Efa hatramin'ny 10ora no taty fa hatramin'izao tsy mbola voaray. Ny tena mampihomely, nanomboka hatramin'ny 11 ora teo izahay tsy hay hoe ahoana na ahoana,voaray ve sa tsia, fa tsy misy mpandamina sy tsy misy manao filazana hoe ahoana ny tohiny? Olona 3 no ato mandray olona fa ohatrany hoe mandray olona izay hanao traitement CVO hono no ataon-dry zareo, fa tsy mampandamin'ny test. Hoe miandry dokotera. Dia hoe miandrasa eo ihany fa misy mandray eo ihany ianareo. Mian-drassa numéro, numéro tsy hay hoe aiza, iza no manome? Dia ato hatramin'izao samy mihainohaino tsy hay hoe ahoana. Ny any ivelany mbola tsy vahoaka. Resak'olona tato ihany koa no nilaza, tsy haiko izay fahamarinany: hoe olona 300 isan'andro ihany no raisina. Misy indray hoe hatramin'ny 12 ora..." Raha izay zava-misy eny Andohatopenaka izay, samy manana adidy amin'ny fiarovana ny tenany ny tsirairay, ny andraikitra ny fitondrana dia ny miaro sy miahy ny vahoaka. Raha izao zava-misy izao, tsy vitan'ny fitondrana ny andraikiny amin'izao valanaretina mihamahazo vahana izao indray.

Stefa



Ny filaharambe teny amin'ny Village Voara omaly.

Namana

Taratasin'ny mpamaky

Taratasy alefa amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao tranga manaraka izao. Sarobabay sarobabay, izay voa aza tezitra tompoko satria efa tsy rariny intsony ity VAKI-TRANO sy trangana tsy fandriampahalemana eto amin'ny Fokontany Talata Volonondry ity.

Volana imaso tsy mba kilema tompoko ary basy hatifi-kavana ity, ka tsy mba hafenina fa harangaranga, fanontaniana mila valiny tompoko fa miala tsiny ho an'izay hiantefany: misy tompon'andraikitra ve eto amin'ity Fokontany Talata Volonondry ity tompoko? Valiny avy hatrany tompoko: misy Commune tompoko eto, misy Poste Avancée ny Gendarmierie eto, misy Fokontany eto tompoko, amiko dia misy ny tsy fandraisana andraikitra tompoko eto amin'ity tanàna ity, satria efa maro izay vaky trano teto amin'ny Fokontany izay, fa mbola tsy nisy ny fe-

petra noraisin'ny tompon'andraikitra teto, na ny Fokontany izany na ny Commune eny fa na dia ny mpitandro ny filaminana izay natao hiaro ny vahoaka sy ny fananany aza dia tsy hita intsony ny fandraisana andraikitra amin'ny fanaovana fisafaoana ny tanàna isan-kalina, ka manararaotra ny mpangalatra sy ny mpamaky trano, ny an'ny hafa indray tompoko dia ny mpivarotra toaka sy labiera efa hita maso izao fa tsy ara-dalàna dia mbola haravana nefa ny mpivarotra madao hetsy ara-dalàna eto antanàna efa maniry ohatry ny anana, mahagaga ihany izy ity an, betsaka tompoko raha ny zavatra tsy ara-dalàna sy tsy rariny eto an-tanàna eto, koa mitaky ny fivoriambem-pokonolana tompoko izahay satria efa tsy rariny intsony ny zava-misy sy miseho eto, aza hiandrasana hitroatra ny vahoaka vao ho tonga saina hianareo mpitondra tompoko.

Mathilde R. Mponina Talata Volonondry.

Mpandrahaha nanitsakitsa-bady
Bankiopotra sy potika tanteraka

Tany llakaka ity seho ity : mpivady mpitrandraka harena an-kibon'ny tany izy roa ireto ary nizotra soamantsara ny asan'izy ireo teo aloha, satria nilalao volabe mihitsy satria nahomby ny ketrika. Tampoka teo anefa dia tsy nandeha tampoka ny asa ary lasa nanao sipa hatramin'izay rangahy mihitsy aza, satria lasa tsy nivakilo-ha tamin'izay asa intsony izy. Nanomboka teo dia nivarilavo ilay rangahy satria raha nahazo amina miliara izy teo aloha, dia zara raha nahazo iray na roa tapitrisa sisa. Tsy nianatra moa ranamana fa io no fiveloman'izy mivady. Efa sady tsy mampidibola no mbola nikasi-tànana ilay ramatoa koa izy. Efa nisarako mihitsy moa izy roa, satria tsy zakan'ilay ramatoa intsony ny mahazo azy. Soa fa nahafantatra ny nomen-raon'i Mr Aina mpitsabo 03429 026 68 sy ny 03383 481 63 ity ramatoa

ity, ka teo no nivoaka ny tsiambaratelo.

Tratry ny ody fitia ilay rangahy

Fantatr'ilay ramatoa ny sipan'io vadiny io, ka naborany tamin'ity mpitsabo ity. Zao no izy hoy ilay mpitsabo, tratry ny ody fitia ny vadinao saingy misy ny ody fitia mamerina tokantrano, fa misy koa ny ody fitia lasa tsatoka sy sakana ho an'ny tokantrano ihany koa. Voaloto ny vintan'ny olona iray amin'ireo 12 hoy ity mpitsabo ity, ka izay no nanjary nampi-varilavo azy. Zay zavatra vidiana lafo aza dia zara raha lafo rehefa amidy raha ny nambaran'ity mpitsabo ity ihany. Na ilay kariera niasan'izy ireo aza dia zara raha nahazo vola sisa, raha toa ka namokatra an-tapitrisany maro teo aloha. Nanitrikitrika mihitsy moa ilay ramatoa, ny nity ditran'ilay rangahy no nahatonga ny fiainan'izy

ireo potika sy rava toy izao, ka zara raha mba nanaiky ilay rangahy ka nihaona teny amin'ity mpitsabo ity ihany.

Navotan'ny « sorabe spécial » izy mivady

Zao no izy hoy Mr Aina tamin'izy mivady ; ny fanahy ratsy nipetraka amin'ilay olona no miteraka fanabokana, fa tsy toy ny emboka akory ka tonga dia lasa rehefa embohina fa mipetraka amin'ilay olona io, ka rehefa bokan'ny ody fitia ny olona iray dia tsy tafavoaka intsony hoy izy. Nomen'ity mpitsabo ity « sorabe spécial » izy mivady satria tratry ny tsitia mainty ilay ramatoa ary ilay rangahy tatan'ilay sipany fotsiny, ka nataony izay hahazoany harena. Nentin'ity mpitsabo ity tamina toerana iray nasandratra izy mivady ary nivavahana tamin'ny teny arabo mba hampety ny asa sy hamerina amin'ny laoniny ny

fiainan'izy ireo. Mbola nomen'ity mpitsabo ity « sorabe spécial » ihany koa mba ho entiny mody. Nanomboka teo dia niverina tamin'ny laoniny ny fiainan'izy mivady, fa ny nahagaga dia mbola nila resaka tamin'ilay rangahy ihany ilay sipa avy eo saingy tsy noraharahian' ilay rangahy intsony, satria nambaran'ny fa tom-bontsoa no niarahanao tamiko fa tsy fitiavana akory. Tsy averinao akory zay lasanao hoy ilay rangahy ka tsy manome intsony aho fa ampy anao izay. Milamina izy mivady ankehitriny ary niverina niroborobo ny asan'izy ireo rehefa nahazo fikarakarana teny amin'ity mpitsabo malaza ity. Tamin'ny volana janoary lasa teo no nitrangan'ny tantara ary tonga nisaotra manokana ity mpitsabo ity izy roa.

Namana